# INONA AVY IREO PAIK'ADY MANAMORA SY MAMPAHARITRA NY FANAFOANAN'IREO KAOMININA AMIN'NY FANGERENA ANKALAMANJANA?

## TOROHEVITRA FITO AVY AMIN'NY TETIKASA RANO WASH

### Teny fampidirana

Ny Ministeran'ny Rano – Fanadiovana sy Fidiovana (RFF) dia manatanteraka ny "Programa Madagasikara Madio" nanomboka ny volana oktobra 2019. Kendrena amin'izany ny fanafoanana ny fangerena ankalamanjana na haha-« Open Defecation Free (ODF) » na haha-« Afaka amin'ny Fangerena Ankalamanjana » an'i Madagasikara iray manontolo. Hatramin'ny faran'ny taona 2023 dia tanjon'ny Ministera ny hanafahana ny 90%-n'ny Malagasy amin'ny fangerena ankalamanjana sy hanazarana ny olona amin'ny fanasana tànana amin'ny savony, ary ny hisitrahan'ny 55%-n'ny Malagasy ireo tolotra fototra mikasika ny fanadiovana.

Ho fandraisana anjara amin'ireo tanjona ireo dia nanao hetsika maro ho fampiroboroboana ny fanadiovana ny tetikasa RANO WASH, izay nahazoan'ny **olona 365 667** mampiasa kabone nohatsaraina sy tsy ifampizarana amin'ny tokantrano hafa, ary nanafoana ny fangerena ankalamanjana amin'ny **vondron'olona 5.543** sy **kaominina 77**.

Ny tetikasa RANO WASH na ny " Rural Access to New Opportunities of Water- Sanitation and Hygiene", dia tetikasa vatsian'ny Vahoaka Amerikanina vola ary tanterahan'ny « Consortium » tarihin'ny CARE, miaraka amin'ny CRS, WaterAid, Bushproof ary Sandandrano.

Maharitra enin-taona ny tetikasa (Jona 2017 - Jona 2023) ary ny tanjony dia ny hampitombo ny fisitrahan'ny olona tolotra Rano – Fanadiovana ary Fidiovana amin'ny fomba maharitra sy ara-drariny , ho tombotsoa ho an'ny fahasalamana, ny fanjarian-tsakafo ary ho fiarovana ny tontolo iainana.

Ny tetikasa dia misehatra any amin'ny kaominina ambanivohitra 250 anatin'ny faritra 7: Alaotra Mangoro, Amoron'i Mania, Atsinanana, Matsiatra Ambony, Vakinankaratra, Vatovavy ary Fitovinany.

## Lesona azo notsoahina tamin'ireo rehetra nataon'i RANO WASH momba ny fanadiovana sy fampiroboroboana ny kaominina ODF.

Ny nahatratrarana **Kaominina Afaka amin'ny Fangerena Ankalamanjana na ODF miisa 77** no nitarika ny ekipan'ny tetikasa hanatsaoka « lesona », tamin'ny alalan'ny tafatafa nifanaovana tamin'ireo mpisehatra samihafa, atrik'asa fifampizarana sy fifanakalozana ary fijerena ireo zavatra rehetra natao sy fandinihana ireo fahombiazana sy ireo lesoka.

Avy amin'ireo lesona ireo no nakan'ny ekipan'ny tetikasa **torohevitra ho an'ireo mpisehatra maniry handray anjara mavitrika amin'ny fanafoanana ny fangerena ankalamanjana any amin'ireo kaominina ambanivohitra**.

Ity tahirinkevitra ity dia natao ho an'ireo tomponandraikitra eny anivon'ny faritra sy ny distrika, Ben'ny tanànan'ny kaominina ambanivohitra, ireo mpisehatra eo an-toerana sy isam-paritra, ary ireo mpiara-miombon'antoka tsy miankina toy ny ONG sy ireo mpandraharaha ara-toe-karena.

Marihina fa ahitana fokontany 3 hatramin'ny 19 eo ho eo ireo kaominina ambanivohitra ODF nanatsoahana ireo " lesona" . Midika izany fa azo ampiharina amin'ny ankamaroan'ny kaominina ambanivohitra eto Madagasikara izy ireo.

Ireto avy ireo fepetra izay tsy maintsy arahina raha te-ho afaka amin'ny fangerena ankalamanjana:

- **( fepetra 1: Mikasika ireo toerana fangerena ankalamanjana)** Diovina sy hajariana avokoa ireo toerana fangerena ankalamanjana teo aloha, ary tsy avela hisy toerana fangerena ankalamanjana intsony

- **(fepetra 2: Fampiasana kabone)** Ny tokantrano sy ny mpiara-monina rehetra dia mampiasa ny kabone isan-tokantrano na ifampizarana[1], ary ny fianakaviana dia mahay mitantana tsara ny tain' ny ankizy.

- **(fepetra 3: Kalitaon'ny kabone)** Ny kabone rehetra, na ny an'ny tokantrano na ny an'ny andrim-panjakana (sekoly, tobim-pahasalamana, tranom-panjakana, sns.) dia madio - tsy afaka hivezivezen'ny lalitra, - misarona sy tsy misy lavaka ahafahan'ny lalitra mivezivezy ny fanambaniny - tsy ahitana taratasy/fitaovana avy nifirana miparitaka ao anatin'ny kabone sy ny manodidina ary misarona ny toerana fanariana ireo – misy lavenona izay ampiasaina ho an'ny lavaka kabone

- (**Fepetra 4: toerana fanasana tanana)** Misy toerana fanasana tànana eo akaikin'ny kabone, izay ahitana rano sy savony, ary lavenona.

[1] *Ho an'ireo tanàna izay ahitana olana ara-tany izay mety manakana ny tokantrano tsy hanorina kabone, **dia** tsy maintsy mangataka ny faneken'ny Ben'ny tanàna hanesorana io fitsipika io. Amin'izany dia tsy maintsy manao sonia ny tatitry ny Fokontany mikasika ilay olana ara-tany, izay tohanan'ny komity mpanara-maso, ny Ben'ny Tanàna. (Jereo ny "Protocole de Verification et Certification ODF p.7)*

# IREO TOROHEVITRA FITO AROSON'I RANO WASH

## Torohevitra #1: Amporisiho hiady amin'ny fangerena ankalamanjana ireo kaominina rehetra ao amin'ny distrika na faritra hiadidiana!

**Miantefa amin'ny : DREAH - Distrika - mpiara-miombon'antoka tsy miankina amin'ny fanjakana (oh: ONG) - tetikasa - mpandraharaha)**

## TOKONY ATAO

- Manatanteraka ny "fanairana ny andrim-panjakana" na "declenchement institutionnel" [1] araka ny tokony ho izy, izay mitondra amin'ny drafitrasa azo tanterahina tsara, mampifandray ny filàn'ny mponina amin'ilay tanjona (fanafoanana ny fangerena ankalamanjana), ary mampandray anjara ny rehetra.
- Manome lanja ny olobe sy zokiolona eo an-tanàna (mpitarika araka ny fomba nentim-paharazana) sy ireo fikambanana.
- Mampifanaraka tsara ny teknikam-panamorana amin'ny fari-pahalalan'ny tomponandraikim-panjakana sy ny mpisehatra eo anivon'ny kaominina mba hanafainganana ny fandraisana fanapahan-kevitra ka handresena ireo fady.
- Mamporisika sy mikolokolo ny fahatsapan'ny Kaominina fa "azy" ny ady amin'ny fangerena ankalamanjana ary manohana ny fahaiza-mitariky ny Kaominina amin'ny fampandraisana anjara ireo lehiben'ny andrim-panjakana rehetra tsy ankanavaka ho afaka amin'ny fangerena ankalamanjana.
- Mampifangaro ireo paikady samihafa hahafahana mahazo vokatra farany tsara ary mandinika ireo antony rehetra mety hanosika ny olona hangery eny ankalamanjana, ohatra: Paikady mikasika ny tsenan'ny fanadiovana [2] - Paikady VOAMAMI [3]– Paikady "Grow Up Sticker"[4] approach, etc.)

## TSARA FADIANA

- Misalovana ny andraikitry ny Kaominina amin'ny maha-tomponandraikitra voalohany azy eo an-toerana
- Mamela ny tsy fitovian'ny loko politika hisakana ny fanatanterahana ny drafitry ny hetsika, raha toa ka tokony hamporisika ny mpisehatra eo an-toerana hamaha izay olana aterak'izany fahasamihafana izany.
- Mampiasa paikady tokana ary tsy mijery ireo antony rehetra manova ny fihetsika mikasika ny fanadiovana
- Mamela ny kaominina hihevitra fa ny fahazahoana ny sata maha-« afaka amin'ny fangerena ankalamanjana na ODF » dia adidy amin'ny tetikasa sy ho an'ny mpamatsy vola na ny fanjakana mba ahazoana fanampiana bebe kokoa .

---

*1 Fanairana ny andrim-panjakana sy ireo mpitarika eny an-toerana na "déclenchement institutionnelle » : Fomba iray hanairana ireo mpiatrika, mpanapan-kevitra, mpisehatra mahataona olona eo amin'ny tontolon'ny fanadiovana, sy ireo tomponandraikim-panjakana.*

*2 Fomba fanatsarana ny fisitrahana tolotra fanadiovana amin'ny alalan'ny fametrahana ny fanadiovana ho tsena ahitana vokatra sy tolotra izay vidian'ny mpanjifa.*

*3 Ny « Vondrona olona an-toerana miara-manao tahiry sy mifampindram-bola » na VOAMAMI dia vondron'olona ahitana mpikambana 15 ka hatramin'ny 25 izay manao tahiry sy manao fampindramam-bola madinika amin'ireo tahiry ireo. Ny fampiroboroboana ny VOAMAMI dia nahafahan'ny tetikasa namaha ny olana ara-bola izay nanakana ny fiaraha-monina hividy ireo tolotra sy vokatra Rano – Fanadiovana sy Fidiovana (RFF)*

*4 Ny "grow up sticker" na « Hetsika Tokantrano Mpitarika » dia fomba fiasa iray manaitra ny ambom-pon'ny tokantrano, ny fahatokisan-tenany, ny faniriana te-ho tokantrano manana ny maha-izy azy eo amin'ny fiaraha-monina, amin'ny alalan'ny fanomezana mari-pankasitrahana azy ireo. Ny Tokantrano dia mahazo felam-boninkazo na « sticker » rehefa manatanteraka sy mitazona ny iray amin'ireo fihetsika dimy RFF fototra, ary hamporisihina izy ireo hiezaka hahazo ireo felana dimy ka hahafeno ny « voninkazo » maha-Tokantrano Mpitarika izay apetany eo ivelan'ny tranony*

# TOKONY ATAO

- Miara-miasa amin'ny minisitera hafa mba hahazoana sy hitazonana ny sata ODF (oh: Ministera misahana ny Fampianarana sy ny misahana ny Fahasalamam-bahoaka ho an'ny andrim-panjakana ODF, Ministera misahana ny fitaterana ho an'ny toerana fizahan-tany ODF, sns.))

- Hamafisina ny fahaiza-manaon'ny ATEAH[5] amin'ny fanatanterahana ireo asa - fanaraha-maso sy fanaovana tatitra momba ny fivoaran'ny lafiny RFF eo anivon'ny kaominina



RANO WASH / Photos: Dahery Razaka Rafenomanana

5 *"Agent Technique de l'Eau – Assainissement et Hygiène" na Teknisianin'ny Rano – Fanadiovana sy Fidiovana eo anivon'ny Kaominina*

## Torohevitra #2: Tariho ny fanafoanana ny fangerena ankalamanjana ao amin'ny fiaraha-monina misy anao!

**Miantefa amin'ny: Ben'ny Tanàna ao amin'ny kaominina sy ireo mpiantsehatra rehetra ao**

### TOKONY ATAO

- Aoka ianao ho mpitarika ny fanatanterahana ny drafitrasa amin'ny fanafoanana ny fangerena ankalamanjana
- Manambatra fomba fiasa samihafa hahazoana sy hitazonana ny sata ODF (Piakady mifototra amin'ny Tsena - VOAMAMI – Grow- Up Sticker etc.)
- Mikarakara fifaninanana eo anivon'ny kaominina (oh : Fokontany MADIO, VOAMAMI MADIO)

### TSARA FADIANA

- Mamela ny fifandirana ara-politika hanelingelina ny fizotran'ny asa raha tokony hamaha izany amin'ny fitadiavana marimaritra iraisana ho fampandrosoana ny Kaominina.
- Manome andraikitra samihafa sy be loatra amin'ny olom-bitsy
- Mampiasa paikady tokana ary tsy mijery ireo antony rehetra manova ny fihetsika mikasika ny fanadiovana
- (Momba ny fifaninanana) Mampanantena loka tsy misy na manome loka tsy mifanaraka amin'ny ezaka takina amin'ny mpandray anjara



## Torohevitra #3: Tohano ny andrim-panjakana rehetra ho lasa ODF!

**Miantefa amin'ny: Ben'ny tanànan'ny Kaominina sy ireo mpisehatra kaominaly rehetra**

### TOKONY ATAO

- Mampandray andraikitra ny lehiben'ny andrim-panjakana tsy ankanavaka ho lasa andrim-panjakana ODF (oh: tobimpahasalamana - Sekoly - Zandarimaria - Fiangonana, sns.)

- Manohana ireo andrim-panjakana amin'ny fandrafetana sy fanatanterahana ny drafitrasa hanamorana ny fanafoanana ny fangerena ankalamanjana ho azy ireo tsirairay avy

### TSARA FADIANA

- Tsy manohana afa-tsy ireo andrim-panjakana tohanan'ny tetikasa sy vatsian'ny mpamatsy vola manokana (oh : andrim-panjakana sakaizan'ny RFF)



## Torohevitra #4: Manentana ny fifampizarana sy fifanakalozana eo amin'ny kaominina tsirairay na ny mpiantsehatra eny anivon’ny distrika na faritra ary mamporisika ny fifaninanana ara-pirahalahiana!

**Miantefa amin’ny: DREAH[6] - Distrika - Ben'ny tanàna - ONG tsy miankina amin'ny fanjakana - Tetikasa**

### TOKONY ATAO

- Manangana tontolo ahafahana mifanakalo sy mifampizara amin'ny alalan'ny fikarakarana na fandraisana anjara amin'ny fotoana toy ny atrikasa na fitsidihana, hifampizarana eo amin'ireo mpisehatra eo amin'ny kaominina/distrika/faritra.
- Mampiasa ireo rafitra na tambazotra RFF isam-paritra hanamorana ny fifampizaràna eo amin'ny faritra
- Mikarakara fifaninanana eo amin’ny samy Kaominina – samy distrika – samy faritra, momba ny fanadiovana.
- Miankina amin'ny loharanon-karena misy eo an-toerana, dia ankalazaina ny sata ODF-nao ary asaina ireo kaominina hafa, indrindra ireo izay mbola tsy ODF hizarana traikefa sy hanehoana ny maha-rehareha ny lanjan’ny ODF mba hiteraka fifaninanana eo amin'ny samy kaominina

### TSARA FADIANA

- Mamela ny disadisa ara-politika hanimba ny dingana raha tokony hanohana ireo mpisehatra hamaha ireo disadisa ireo
- (Mikasika ireo fifaninana)Mampanantena loka tsy misy na tsy mifanaraka amin'ny ezaka takiana amin'ny mpifaninana
- Miandry famatsiam-bola amin'ny tetikasa vao manomboka ny hetsika raha tokony manomboka amin'ny zava-misy am-pelatanana




6 “Direction régionale de l’Eau Assainissement et Hygiène” na Fitaleovam-paritry ny Rano - Fanadiovana sy Fidiovana eto Madagasikara

## Torohevitra #5: Tohano ny fiaraha-monina amin'ny fampitomboana ny teti-bolan'ny RFF!

**Miantefa amin'ny: Natao ho an'ny: DREAH – Distrika - ONG -Tetikasa**

| TOKONY ATAO | TSARA FADIANA |
| --- | --- |
| • Manohana ny Kaominina amin'ny fanetsehana ny fampidiran-ketra sy ny fanentanana momba ny hetra<br>• Manohana ny Kaominina amin'ny fandrafetana laminasa sy tetibola ary fametrahana ny RFF ho laharam-pahamehana amin'izany (drafitry ny Kaominina ho fampandrosoana ny RFF na Plan Communal de Developpement de l'EAH)<br>• Manohana ny Kaominina amin'ny fitarihana sy ny famehezana ny paikady fanamafisana ny rafitra na "système" [7] mikasika ny Rano-Fanadiovana sy Fidiovana | • Mamboly fiankinan-doha ara-bolan'ny kaominina amin'ny tetikasa |



RANO WASH / Photos : Dahery Razaka Rafenomanana

7 *Ny fanamafisana ny rafitra RFF dia amin'ny alalan'ny fampiasana ny "approche système" izay mijery ny fifandraisana sy ny fifampiankinan'ireo singa fototra sy mpisehatra fototra ho an'ny fampandrosoana ny sehatry ny RFF.*

## Torohevitra #6: Amporisiho ny fampandrosoana ny tsenan'ny fidiovana amin'ny alàlan'ny fanazaran-tena ireo mpandraharaha madinika tsy miankina sy ny fiaraha-miasa amin'ireo vondrona mpitahiry vola !

**Miantefa amin'ny : ONG mpiara-miombon'antoka tsy miankina - tetikasa - mpandraharaha ara-toekarena**

## TOKONY ATAO

- Manohana ireo "mpanamboatra kabone" eo an-toerana mba hananany fahaiza-manao momba ny fandraharana ka hanatsarana ny orinasany
- Mamporisika/manamora ny fidiran'iireo "mpanamboatra kabone" eo an-toerana ho VOAMAMI hahafahany mahazo fampindramam-bola hanatsarana ny orinasany
- Manohana ny « mpanamboatra kabone" eo an-toerana momba ny fitantanana orinasa madinika sy fitrandrahana teknolojia vaovao
- Mamporisika ireo "mpanamboatra kabone" eo an-toerana hamolavola vokatra kabone mahasarika ny maso sady mahasoa (loko, endrika, bika, ...)
- Mampandray anjara ireo mpandraharaha tsy miankina amin'ny fanomezana tolotra Kabone amin'ny alalan'ny famantarana sy fanohanana ny tolotra mifanaraka amin'ny zava-misy
- Manohana ireo mpandraharaha amin'ny famokarana kabone mifanaraka amin'ny filana sy ny hetahetan'ny mpampiasa ary mifanaraka amin'ny zava-misy eny an-toerana - toekarena, toe-tany, toetr'andro ary kolontsaina.
- Manohana ny VOAMAMI amin'ny fampiharana ny « kitapom-bola RFF » (caisse RFF) mba hanatsarana ny kalitaon'ny kabone.
- Mamolavola vahaolana amin'ny fiarovana ny volan'ny VOAMAMI mba hamporisihana ny mpanamboatra kabone sy ny tokantrano hanatevin-daharana azy ireo.
- Manentana ireo VOAMAMI hanantanteraka hetsika mikasika ny fampiharana ireo fihetsika RFF ara-pahasalamana.

## TSARA FADIANA

- Tsy mampandray anjara ireo mpandraharaha sy ireo mpisehatra eo amin'ny tsenan' ny kabone amin'ny drafitrasa fitazomana ny sata maha-afaka amin'ny fangerena ankalamanjana
- Mametraka "maçons" maromaro amin'ny toerana iray ihany: mitarika ny fahafenoan'ny tsena haingana
- Manamaivana ny lanjan'ny fitsipika anatiny eo amin'ny sehatry VOAMAMI.
- Tsy mamaha ireo olana mifandraika amin'ny famatsiana entana sy ny firafitry ny tsena, toy ny rafitra famatsiam-bola.

## Torohevitra #7: Tsara fa tohizo : fanombohana ihany ny fahazoana ny sata ODF!

**Miantefa amin'ny: Ben'ny tanàna sy ny mpisehatra eny amin'ny fiaraha-monina**

## TOKONY ATAO

- Manohana sy mamporisika ny Kaominina amin'ny fanatanterahana ireo fepetra niaraha-nanapaka mba hisorohana ny fangerena an-kalamanjahana
- Mamoaka ny lisitra sy ny ezak'ireo fokontany ODF sy Kaominina ODF mba hamporisihana azy ireo hihazona ny satany sy hamporisihana ireo faritra manodidina.
- Manajary ireo toerana fangerena an-kalamanjana taloha ho toerana mitondra tombontsoa iombonana raha toa ka fananan'ny kaominina izany (propriété publique) (ohatra : kianja, WC public, toeram-pambolen-kazo, sns.), ary raha tany manan-tompo dia manentana ny tompony hanajary izany na hametra ny fidirana ao.
- Mamantatra ny antony mety hampiverina ny olona amin'ny fangerena ankalamanjana sy ireo fepetra tokony ho raisina manoloana izany (oh: Atrikasa – fikaonan-dohan'ny mpisehatra eo amin'ny Kaominina toy ny "Town Hall meeting")
- Manamafy ny traikefan'ny ATEAH amin'ny fanatanterahana hetsika fampiroboroboana ny fahadiovana (fampiharana sy fanaraha-maso) sy amin'ny fampandraisana anjara ireo mpandray anjara fototra hafa toy ny VOAMAMI, fiarahamonim-pirenena,...
- Mampiditra hatrany ny olana mikasika ny RFF ao anatin'ny fivorian'ny Kaominina

## TSARA FADIANA

- Mikolokolo tontolo anjakan'ny tahotra sy fiaraha-miasa voafetra.
- Manohana ny famoronana lalàna sy fepetra miteraka fanavakavahana sy fanilikilihana, indrindra fa mikasika ny vehivavy sy ny vitsy an'isa.
- Mitarika ny Kaominina hihevitra fa adidin'izy ireo amin'ny tetikasa/mpamatsy vola na amin'ny governemanta ny fahazoana ny sata ODF mba hahazoana fanohanana bebe kokoa.

## Ireo fanamby natrehina......

Ho an'ny kaominina, ny fahabetsahan'ny isan'ny fokontany sy ny isan'ny mponina no fanamby matetika atrehina amin'ny fahazoana ny sata ODF. Ireto no natao'ny RANO WASH manoloana izany fanamby izany:

- **Nanao ho laharam-pahamehana ny fikendrena ireo mpisehatra / mpitarika izay mora mahataona ny saim-bahoaka (*opinion publique*).** Nanao fanairana ireo andrim-panjakana sy ireo mpisehatra mahataona ny sain'ny fiaraha-monina, izay fantatra mialohan'ny fotoana fanairana. Anisan'izany ny tomponandraikitra eo anivon'ny kaominina sy ny fokontany, ny lehiben'ny andrim-panjakana, ny lehiben'ny rafitra nentim-paharazana, ary ny vondron'olona manana ny maha-izy azy (oh: Ampanjaka, Tangalamena, sns). Afaka nanetsika ny manodidina azy avy eo ireo mpisehatra ireo, nanamora ny fanatanterahana ireo hetsika ho fanafoanana ny fangerena an-kalamanjana: fanadiovana faobe, fananganana kabone, fametrahana ny fitsipim-piaraha-monina.
- **Nandahatra ireo laharam-pahamehana sy ny fanatanterahana azy ireo.** Raha nisy fokontany maromaro ny kaominina dia nifantoka amin'ny fokontany iray aloha ho fanombohana ny hetsika fanafoanana ny fangerena ankalamanjana, mba ho fokontany "fitaratra" ho an'ny fokontany hafa io fokontany io. Rehefa azony ny sata maha-afaka amin'ny fangerena ankalamanjana, dia nankalazaina izany ary nasaina ireo lehiben'ny fokontany manodidina sy ireo tomponandraikim-panjakana eo an-toerana mba handrisika ny fifampizarana sy hiteraka fifaninana aeo amin'ny samy fokontany.
- **Nanao drafitrasa mikasika ny tantsoroka sy  ny fanaraha-maso**. Nanao tantsoroka mafonja ilay kaominina, ary nampandray anjara ny mpiasan'ny kaominina rehetra sy ireo mpiasan'ny tetikasa (teknisianina mpanao tantsoroka ilay kaominina sy  ireo teknisianina voakasika sy ny kaominina hafa), toy **ny Follow up Mandona**[8] faobe eny anivon'ny kaominina ho fanafoanana ny fangerena an-kalamanjahana tany Alaotra Mangoro sy Vakinkaratra - samy hafa ny anarana araka ny faritra. Nanohana ihany koa ny komity RFF sy ireo mpanara-maso ny  fanamafisana ireo fepetra raisin'ny fiaraha-monina (Dina) mikasika ireo tokantrano tsy manana kabone.

- **Nampifandray ireo ezaka amin'ny drafitrasa sy tanjon'ny governemanta**. Ny faritra sasany dia nanamafy ny fahazoan'ireo mpisehatra ny fifanarahan'asa (contrat de performance) izay mifehy ny faritra sy ny tanjona mikasika ny fanadiovana ary ny "Madagasikara Madio", tamin'ny alalan'ny atrikasa izay nentin'ireo talem-paritry ny RFF nanazavana izany tamin'ireo Ben'ny Tanàna sy ny ATEAH. Nozarazaraina isaky ny Kaominina ny tanjon'ny faritra ary ny tanjon'ny kaominina iray no  fototra itondrany ny drafitrasany.

- **Nampifanaraka ny fomba fiasa amin'ny zava-misy eny an-toerana**. Nohamafisin'ny RANO WASH hatrany ny fahaiza-mitariky ny kaominina sy ny ezak'ireo mpisehatra sy ireo fikambanana eny an-toerana (Structure Locale de Concertation (SLC), Fikambanan'ny Fiarahamonim-pirenena, Komity RFF, lehiben'ny andrim-panjakana, mpitondra nentim-paharazana, sns.) eo amin'ny fametrahana sy fanatanterahana ny drafitrasa ary koa ny fanaraha-maso izany mba hahazoana sy hitazonana ny sata maha-afaka amin'ny fangerena ankalamanjana (ODF). Taloha sy nandritry ny fanohanana ireo kaominina dia nanao izay hahafehezana ny zava-misy eny an-toerana ny ekipan'ny tetikasa (fombafomba, rafitra sosialy, sns), ary nahazo ny fitokisan'ny mpitondra isan-karazany amin'ny fampiroboroboana ireo hetsika manodidina ny RFF.

---

*8 Follow-Up Mandona na FUM dia fomba fiasa miompana amin'ny fanatanterahana asa manafaingana ny fanafoanana ny fangerena an-kalamanjana aorian'ny  fanaovana "Fanairana". Mifototra amin'ny foto-kevitry ny "Fanadiovana Tanteraka Tarihin'ny Fokonolona" na FTTF na CLTS, ny FUM dia ahitana fanamorana fivoriana miaraka amin'ny fiaraha-monina mba hanamafisana ny fiovam-pihetsika sy hahafahan'izy ireo miara-manatanteraka ireo Pitson'Asa Fanao tena Ilaina, azo atao ary vita eo noho eo, mba ahatongavana amin'ny sata maha-afaka amin'ny fangerena ankalamanjana na "open defecation free (ODF)" anatin'ny fotoana fohy -  (jereo ny  "Follow-Up Mandona, Guidelines for practitioners, Fonds d'Appui pour l'Assainissement", Global Sanitation Fund)*

## Ary ho amin'ny ho avy......

Ny ekipan'ny RANO WASH dia nanangona vahaolana fanampiny sy hevitra tsara saintsainina momba ireo fanamby hahatratrarana Kaominina ODF :

**Ahoana no iadiana amin'ny fangerena an-kalamanjana any amin'ireo tanàn-dehiben'ny kaominina ambanivohitra (chef lieu de commune rurale) izay manana toetoetran'ny tanan-dehibe (urbain)?**

- Ampiroboroboana ny fifanakalozana traikefa sy ny fiaraha-miasa eo amin'ny samy kaominina eo anivon'ny faritra hanampiana ireo kaominina izay sendra fahasahiranana
- Tohanana ny fomba fiasa ny paikady mifototra amin'ny tsenan'ny fanadiovana

**Ahoana ny fomba hiadiana amin'ny fangerena ankalamanjana ataon'ny mpandeha fitateram-bahoaka any amin'ny Kaominina manamorona ny lalam-pirenena?**

- Manangana kabone ho an'ny daholobe manamorona ny lalam-pirenena. Mitaky fiaraha-miasa amin'ny sehatra tsy miankina hanome ireo tolotra ireo ho an'ny mpandeha izany
- Mandresy lahatra eo amin'ny sehatra nasionaly, anisan'izany ny Minisiteran'ny Fitaterana sy ny Toetr'andro, amin'ny fanafoanana ny fangerena ankalamanjana eny amin'ny lalam-pirenena – "lalam-pirenena ODF"
- Miara-miasa amin'ny kaoperativam-pitaterana sy ny "Agence de Transport Terrestre" (ATT) amin'ny fanatanterahana ny hetsika ho an'ny fanafoanana ny fangerena ankalamanjana eny amin'ny lalam-pirenena ary mandrindra ny fampahafantarana sy fanentanana ho an'ireo mpandeha mialohan'ny fiaingana.

**Ahoana no atao mba tsy hisian'ny fangerena ankalamanjana eny an-tsaha?**

- Manangana kabone nohatsaraina ho an'ny daholobe akaikin'ny saha, ny fiaraha-monina ary ny tompon'ny saha.

**Ahoana no hampiroboroboana ny fampiasana toeram-pivoahana manara-penitra mifanaraka amin'ny filan'ny fiaraha-monina , ny toetry ny tany , ny toetrandro, ary ny toe-bola?**

- Ampiroboroboana ny fomba fiasa mifototra amin'ny tsena amin'ny alàlan'ny fandinihana ireo antony lehibe sy ireo mpisehatra tokony hamafisina manokana, mba haharitra sy ho ara-drariny ny fisitrahan'ny olona any ambanivohitra kabone manara-penitra.
- Amporisihina ireo mpanome tolotra tsy miankina hanolotra modely "kabone" mifanaraka amin'ny filan'ny mpampiasa sy ny toe-javatra misy eny an-toerana

**Ahoana raha tsy ampy hanohanana ny andrim-panjakana amin'ny fisitrahana kabone manaraka ny fenitra ,izay ilaina hanamboarana hitazomana ny sata ODF, ny tetibolan'ny kaominina?**

- Hamafisina ny fanangonana hetra
- Tohanana ny kaominina amin'ny fitadiavana mpiara-miasa (miankina sy tsy miankina amin'ny Fanjakana)

# « ODF ihany, ODF hatrany.»